REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MINISITERAN'NY FITSARANA

FAMPITAM-BAOVAO MAHAKASIKA NY RAHARAHA ARFA HOUCINE

Manoloana ireny fanambarana nataon'andriamatoa ARFA *Houcine* tamin'ny haino aman-jery vahiny ireny izay nampisavorovoro ny mpiray tanindrazana, ny Minisiteran'ny Fitsarana dia tsy maintsy mampahafantatra ny rehetra izao zavatra manaraka izao.

Mitsipaka tanteraka ireo rehetra izay voalazan'andriamatoa ARFA *Houcine* izay miendrika ho fanasoketana sy fanalana baraka ny Fitsarana malagasy, ny Ministeran'ny Fitsarana ary ireo andrim-panjakana malagasy iray manontolo. Misy tokoa ireo olona izay manana tombontsoa hanaparitahana vaovao tsy marina sy hamafy lainga tahaka itony entina hanakorotanana ny saim-bahoaka ka izay indrindra no nahatonga ny Minisitera manao izao fanambarana izao. Efa nisy ny fanadihadihana natao sy fepetra noraisina nandritra izay fotoana tsy nitenenana izay.

Gaga sy talanjona tokoa ny Minisitera noho ny fihetsika nataon'ity gadra nitsoaka ity sy ny fahatokisana nomen'ireo haino aman-jery vahiny azy sy ireo fanambarana nataony. Tsy nieritreritra ny hamotopototra akory ireo haino aman-jery ireo àry tsy mba niezaka nijery raha mari-pototra tokoa ny voalazan'ity gadra nitsoaka ity. Azon'izy ireo tokoa ny nanantona ny Minisitra izay voatonona manokana tamin'ity raharaha ity kanefa tsy nataon'izany, fihetsika izay heverina fa tsy matihanina. Arak'izany tsy tokony ho taitra ny rehetra manoloana ny fanaratsiana mety ataon'ireo gadra rehetra mety hitsoaka ny fonja.

Nataon' andriamatoa ARFA Houcine ireny fihetsika ireny taorinan'ny nanasazian'ny Fitsarana malagasy azy sy ny famoahana didy fampisamborana iraisam-pirenena. Tsiahivina hatrany fa olo-meloka andriamatoa ARFA *Houcine* àry nahavita heloka teto amin'ny firenena malagasy alohan'izao fitsoahany any ivelany izao. Mbola maro ireo raharaha hafa mahavoarohivohy an'andriamatoa ARFA *Houcine* toy ny fikambanam-jiolahy sy ny fitazomana fitaovam-piadiana maro izay tsy misy alalana àry isan'ny heloka nataony farany izao fitsoahana ny fonja izao.

Natao ny famindrana an'andriamatoa ARFA *Houcine* avy any *Tsiafahy* ho any *Antanimora* noho ny antony ara-pahasalamana satria lasa narefo tokoa ny toe-pahasalamany taorinan'ireo fikasany hamono tena. Firenena manaja ny zon'olombelona ny firenena malagasy àry manan-jo hotsaboina andriamatoa ARFA *Houcine*. Tokana ihany ny fahazoan-dalàna hamonjy

hopitalim-panjakana nomen'ny Minisitry ny Fitsarana, fahazoan-dàlana tamin'ny 14 desambra 2017 kanefa nanjary nampiasaina lava sy nohararaotina izany ka niafara tamin'ny fitsoahana ny 28 desambra 2017.

Marihina fa vao nahare ny Minisitera fa nitsoaka andriamatoa ARFA *Houcine* dia nandray ny andraikiny avy hatrany ka namoaka iny didy fampisamborana iraisam-pirenena iny. Miara-miasa amin'ny firenena frantsay ny firenena malagasy amin'izany àry efa mandeha araka ny tokony ho izy izany fiaraha-miasa izany. Efa nisy koa ny fanadihadiana nataony tamin'ireo mety ho voarohirohy sy nanampy an'andriamatoa ARFA *Houcine* tamin'izao fitsoahana izao. Efa misy vokany izany ankehitriny àry efa misy ireo fepetra noraisina.

Manentana antsika rehetra ny Minisitera mba ho tony hatrany manoloana ny fanambarana ataon'ny olona samihafa manoloana ity raharaha ity. Miezaka hatrany ny Minisiteran'ny Fitsarana hanamafy ny maha tany tan-dalàna ny firenena, ny hametraka Fitsarana mendrika sy hatokisan'ny vahoaka. Tsy tokony ho voatsembana sy ho voafafan'ny tranga-javatra tahaka itony ny ezaka rehetra natao hatrizay.

Eto dia manao antso amin'ireo mpiara miasa rehetra eto amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana mba hampiseho hatrany fahaiza-mandinika sy mandalina manoloana izao raharaha izao. Tsy tokony hampiseho fiandaniana àry tokony ho saro-piaro hatrany amin'ny fiandrianan'ny Fitsarana.

Mitohy hatrany ireo fanadihadiana efa natomboka entina maneho ny marina rehetra momba ity raharaha ity. Tsy afaka ny hitazam-potsiny ihany koa anefa ny Minisitera taorinan'ireny fanasoketana sy fanaratsiana olona sy andrim-panjakana ireny ka hametraka fitoriana eny anivon'ireo Fitsarana mahefa amin'izany.

Antananarivo, anio 20 janoary 2018

MINISTERE DE LA JUSTICE
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Le Garde des Sceaux
Ministre de la Justice

RASOLO Elise Alexandrine